## «MARATHON DE TANA»

# Hitondra ireo ekipany indray i François Lebon, tompondaka farany

Tamana nahazo amboara. Mbola isan'ireo handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena ho an'ny hazakazaka lavitr'ezaka na ny *«Marathon international de Tana»*, hotanterahina afaka iray volana, i François Lebon, teratany renioney tompondaka tamin'ny taon-dasa. Hitondra ireo ekipany miisa enina ity tompon'ny medaly volamena teo amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka tany amin'ny Lalaon'ny Nosy andiany fahavalo, tany Seychelles, tamin'ny taona 2011 ity. Ankoatra ireo atleta renioney dia hanana solontena hihazakazaka ihany koa i Maorisy, ka atleta roa no ho avy. Nampahafantarina, omaly, teny amin'ny Hotel Colbert ireo mpanohana sy ny momba an'ireo atleta ho avy handray anjara amin'ity fifaninanana iraisam-pirenena ho an'ny taranja marathon ity.



Nampahafantatra an'ireo mpanohana ny Marathon international ireo mpikarakara teny Antaninarenina.

Tamin'ny taon-dasa dia nahatratra 1200 ireo mpandray anjara tamin'ireo karazana hazakazaka nisy, nandritra ny *«Marathon international de Tana»*. *«Tanjona ny hampavitrika an'ireo mpandray anjara ary maminavina izahay fa ho feno 2000 izany amin'ity taona ity»*, araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny World Trade Center, mpikarakara ny hetsika.

Ankoatra ny hazakazaka 42,195 km dia hisy ihany koa ny *«Foulées Ecolo»* sy ny *«Handirun»*, izay samy hifaninanana amina halaviran-dalana 10km. Ho an'ireo maniry ny hihazakazaka saingy tsy mahatody lavitra indray dia hisy ny halaviran-dalana 1,5km na ny *«Maratoons»*, natokana ho an'ny ankizy sy ny mpianakavy, araka ny nambaran'izy ireo hatrany. Mitentina 1 500 000 ariary ny loka ho an'ny laharana voalohany lahy sy vavy, amin'ny hazakazaka marathon.

**RA**